TAREHIMARIKA COVID-19

10 no lavo, 593 ny tranga vaovao

Niampy 10 ny olona lavo teto Madagasikara ny 18 aprily 2021, noho ny valanaretina coronavirus, 593 ny tranga vaovao, hita tamin'ireo 1738 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 18 aprily 2021 : 396 Analamanga, 13 Atsinanana, 20 Diana, 12 Matsiatra Ambony, 3 Boeny, 43 Vakinankaratra, 13 Atsimo Andrefana, 2 Vatovavy Fitovinany, 10 Menabe, 14 Bongolava, 3 Analanjirofo, 13 Anosy, 1 Ihorombe, 2 Itasy, 7 Betsiboka, 6 Androy, 35 Sofia. 219 no sitrana : 131 Analamanga, 5 Atsinanana, 1 Matsiatra Ambony, 14 Boeny, 7 Atsimo Andrefana, 18 Menabe, 6 Bongolava, 9 Analanjirofo, 2 Anôsy, 2 Ihorombe.



Tarehi-marika nivoaka farany momba ny coronavirus teto Madagasikara.

10 ny olona namoy ny ainy noho ny valanaretina Covid-19 ny 18 aprily : 6 Analamanga, 1 Atsinanana, 1 Vakinankaratra, 1 Atsimo Andrefana, 1 Ihorombe. Tafakatra 552 ny olona matin'ny valanaretina Covid-19 hatramin' izay nidirany teto Madagasikara ny 20 martsa 2020.

6223 ireo olona mbola manaraka fitsaboana ankehitriny, 308 amin'ireo no misy trangana fahasarotana (forme grave).

Stefa

Dr Rakotonoely Domoina

Henjano ny fepetra ara-pahasalamana ahafahana mampihena ny firongatry ny coronavirus

Fandraisan'ny fitondrampanajakana fepetra ara-pahasalamana mafimafy kokoa no ilaina, ho famerana ny fivezivezen'ny olona amin'ny fampihenana ny fiparitahan'ny aretina Coronavirus eto Madagasikara, hoy ny Dokotera Rakotonoely Domoina mpitsabo, etsy amin'ny totohabato Ambondrona Antananarivo Renivohitra. Nanohy fanazavana ity Dokotera ity, fa tokony hatsaraina ny asa fitaterana ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao, ao anatin'izany ny fametrahana toerana natokana hitatitra olona marary, indrindra amin'ny andro alina manomboka any amin'ny fokontany izay ahitana mpitandro filaminana, sy ny mpiasan'ny fahasalamana. Nilaza ny Dr Rakotonoely Domoina, fa tokony hisokatra tsy tapaka mandram-pahamarain'ny andro no sady asiana mpitandro filaminana miambina ireo tobintsolika rehetra, mba hahafahana mamatsy solika an'ireo fiara mitondra olona marary, no sady fiantsonan'ny fiara karetsaka ihany koa, ho fitaterana ny olona mila vonjy aina. Nanamafy ity mpitsabo ity, fa tokony tsy ho tapaka ihany koa ny famatsiana fanafody eny amin'ny Farmasia rehetra ary atao mati-paika ny « Tour de garde » ho an' ny Farmasia tsirairay, ho fitsinjovana ny olona ary amporisihana ireo fikambanana manan-katao, mba hanakarama an'ireo Dokotera misotro ronono, sy ny Dokotera vao nahavita fianarana miaraka amin' ny mpitsabo mpanampy, mba hanampy an'ireo mpiasan'ny fahasalamana, izay efa am-perin'asa amin'izao fotoana izao. Tsy nisalasala ity mpitsabo ity nanoro hevitra ny olona, mba hampiasa tsy tapaka ny « Alcool 90° » amin'ny zavatra rehetra ampisaina, sy hihinana voanio « Coco » matetika, ho fanampiana ny hery fiarovana manoloana ny Coronavirus. Namarana ny fanehoan-keviny ny Dr Rakotonoely Domoina, fa tsy tokony hatsahatra ny « Bus » sy ny Taxi, izay manampy ny olona amin' ny fitaterana ny marary ary mandrisika an'ireo Dokotera sy ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra izay manao ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fandraisana an-tanana, sy ny fitsaboana an'ireo olona marary amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao.

Franck Razakambelo

Misaona ny antoko PSD

Nodimandry ny filoha lefitra nasionaly Robson Manahirana

Robson Manahirana fahavelony.

Misaona ny antoko PSD Madagasikara, na ny Partie Social Democrate amin'izao fotoana. Nodimandry ny alahady teo Robson Manahirana, filoha lefitra nasionalin'ity antoko natsangan'ny filoha tamin'ny Repoblika voalohany Philibert Tsiranana ity. Misy ny fanambarana avy amin'ity antoko ity mahakasika an'izay : « amin'alahelo lehibe no ilazàna amintsika havana, tapaka sy namana, fa ny kamarady ato amin'ny antoko PSD : Robson Manahirana Jean de la Croix, Vice President National, chargé de la ligne politique et de la dynamisation des bases, dia nantsoin'ny Ray hody any aminy ny alahady 18 aprily 2021 teo. Kamboty ny antoko amin'izao fahalasan'ny ray aman-dreny mpitolona amin'ny fo manontolo ary namela ny mamy. Ny antoko PSD dia mirary fiononana feno ho an'ny ankohonany, ireo zanaka aman-jafiny ary koa isika mpikatroka rehetra ato amin'ny antoko izay nankafy ny fifandraisana taminy daholo. Mandria am-piadanana Kamarady Robson », hoy ny fanambarana. Itompokolahy Robson dia anisan'ny nitolona tao amin'ny Magro Behoririka sy Ankorondrano koa tamin'ny fotoan'androny nisian'ny Mouvance miisa 3 ireny. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononа feno ho an'ny fianakaviany, sy ho an'ireo mpikatroka sy mpitarika ny antoko PSD.

Stefa

Sakafo Ny Valosoa

Rona anamamy sy henomby ary angivy indray no laoka, amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ireo soa ara-pahasalamana azo avy amin'ny dipoavatra maity

Ireo soa ara-pahasalamana azo avy amin'ny dipoavatra maity indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ny dipoavatra mainty dia manala ny poizina sy ny loto ao amin'ny vatantsika olombelona.

Mahatsara ny fandevonan-kanina, sy ny fiasany koa izy.

Manampy ny olona voan'ny antsoina hoe spasme sy ny depression ny fihinanana dipoavatra mainty.

Manala ny tavy ao amin'ny vatantsika, sy tsara ho an'ny olona mampihena tena koa izy.

Mahasitrana aretin-tenda sy kohaka (maka 20 isa dipoavatra mainty, dia maka hasina tongolo gasy 2 , ampagontrahina ami'ny rano 1 kopy na tasy , dia mamiana tantely. Rehefa mangatsiaka, sotroina in-telo isan'andro).

Manala fanaintainana maro amin'ny vantana: lamosina, kibo, nify, ranjo sns... Maka huile essentielle dipoavatra mainty dia hasiana menaka zavamaniry, hosorana amin'ny faritra manaintaina rehetra , andramo fa mahasoa.

Mahafaka tazo sy kohaka: maka 10 isa dipoavatra mainty dia ampangotrahina amin'ny rano 1 kôpy, dia sotroina izy matimaty iny, tantely foana no tsara hanamamiana azy.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambaripaika, any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambaripaika, any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Renivohitry ny kaominina Ambaripaika, kaominina iray amin'ireo 22 mandrafitra ny distrikan'i Mandritsara izy. Azo lazaina ho efa avo toerana ity tanàna ity, satria 365 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Ambaripaika ny vary. Mpiompy omby koa ny mponina any an-toerana.